Rehefa hitanareo izy, dia mifeheza ianareo, ary raha hitanareo izy, dia tapaho ny fifehezana, fa raha manjavozavo aminareo ny andro, dia fenoy ny isa

Tatitra azo avy tamin'i Ibn Omar (R.A) niteny izy : Izaho nandre an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny manao hoe : "Rehefa hitanareo izy, dia mifeheza ianareo, ary raha hitanareo izy, dia tapaho ny fifehezana, fa raha manjavozavo aminareo ny andro, dia fenoy ny isa".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nanazava ny famantarana ny fiandohana sy ny fiafaran'ny volana Ramadany ny Mpaminany (S.A.W), ka hoy izy : Raha mahita ny tsinam-bolana Ramadany ianareo dia mifeheza, ary raha misy rahona manelanelana anareo sy izy ka hanarona anareo; dia fenoy telopolo andro ny volana Shaaban, ary rehefa hitanareo ny tsinam-bolana amin’ny volana Shawwal, dia mitsahara amin'ny fifehezana ianareo, ary raha misy rahona eo anelanelanareo sy izy, ka saron'izany ianareo amin'ny fahitana azy, dia fenoy telopolo andro ny volana Ramadany.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4549